



Siège national
47 rue d'Cllichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

Mamoaza voa mendrika ny fibebahana (Lio. 3, 8)

Produisez donc des fruits qui confirment votre votre changement d'attitude (Luc 3, 8 S21)

Alatsinainy 4 mey 2020
Lundi 4 mai 2020

FANOMBOHANA - OUVERTURE

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Tsia, hoy Izaho aminareo, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra » (Lio. 13, 3 sy 5) – « *Non, je vous le dis. Mais si vous ne changez pas d'attitude, vous périrez tous de même* » (Luc. 13, 3 et 5).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Chant) AMF :

Teny fampidirana - Introduction : Lohahevitra anio – Thème du jour : Maika ny fibebahana – L'urgence de la repentance :

FIZARANA 1 – PARTIE 1 : -

Teksta 1 – Texte 1 : Lioka (Luc) 13, 1-5 :

1 Ary tamin'izany andro izany, nisy ny sasany teo izay nanambara tamin'i Jesosy ny nanjo ny Galiliana, izay naharoharon'i Pilato tamin'ny fanatiny ny rany. 2 Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Atanareo va fa ireny Galiliana ireny no mpanota mihoatra noho ny Galiliana rehetra satria nozoin'izany zavatra izany izy ? 3 Tsia, hoy Izaho aminareo, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra. 4 Ary ireny valo ambin'ny folo ireny, izay nianjeran'ny tilikambo tao Siloama ka maty, atanareo va fa mpanota mihoatra noho ny olona rehetra izay monina ao Jerosalema ireny ? 5 Tsia, hoy Izaho aminareo, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra ».

1 A ce moment-là, quelques personnes qui se trouvaient là racontèrent à Jésus ce qui était arrivé à des Galiléens dont Pilate avait mélangé le sang avec celui de leurs sacrifices. 2 Jésus leur répondit : « Pensez-vous que ces Galiléens étaient de plus grands pécheurs que tous les autres Galiléens parce qu'ils ont subi un tel sort ? 3 Non, je vous le dis. Mais si vous ne changez pas d'attitude, vous périrez tous de même. 4 Ou bien ces 18 personnes sur qui la tour de Siloé est tombée et qu'elle a tuées, pensez-vous qu'elles

étaient plus coupables que tous les autres habitants de Jérusalem ? 5 Non, je vous le dis. Mais si vous ne changez pas d'attitude, vous périrez tous de même ».

Toriteny 1 : « fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra (Lio. 13, 3 sy 5) – Prédication 1 : « Mais si vous ne changez pas d'attitude, vous périrez tous de même » (Luc 13, 3 et 5) :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

Hira (Cantique) 752 (mitovy feo amin'ny hira 473 Mombà anay ry Jeso Tompo ô), 1-2 : Ô, ry Jesosy, ny Anaranao :

1. Ô, ry Jesosy, ny Anaranao,
Manatsika ahy izao hanatona,
Hanolotra ny foko ho Anao,
Mpamonjy tia sy Mpamelona.
2. Manatona aho, ka miondrika
Hanoroka ny tongo-masinao
Izaho olona tsy mendrika,
Ka mba havaozy, Tompo, ho Anao !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

FIZARANA 2 – PARTIE 2 : -

Teksta 2 – Texte 2 : Lioka (Luc) 13, 6-7 :

6 Ary nanao ity fanoharana ity Izy hoe : « Nisy olona nanana aviavy nambolena teo an-tanim-boalobony. Dia nankeo izy nitady voa taminy, fa tsy nahita. 7 Ka dia hoy izy tamin'ny mpamboatra ny tanimboaloboka : 'Indro, efa telo taona izay aho no tonga nitady voa tamin'ity aviavy ity, fa tsy nahita. Kapao io : nahoana io no manimba ny tany' ?

6 Il dit aussi cette parabole : « Un homme avait un figuier planté dans sa vigne. Il vint y chercher du fruit et il n'en trouva pas. 7 Alors il dit au vigneron : 'Voilà trois ans que je viens chercher du fruit sur ce figuier et je n'en trouve pas. Coupe-le : pourquoi occupe-t-il la terre inutilement' ?

Toriteny 2 : « Indro, efa telo taona izay aho no tonga nitady voa tamin'ity aviavy ity, fa tsy nahita » (Lio. 13, 7) – Prédication 2 : «Voilà trois ans que je viens chercher du fruit sur ce figuier et je n'en trouve pas » (Luc 13, 7) :

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

Hira (Cantique) 28, 1-2 : Zanahary tsy mba tia ny fahaverezanao :

1. Zanahary tsy mba tia ny fahaverezanao,
Izy Rainao be fitia tsy mba mahafofy anao.
Ny famoizam-po ario fa i jesosy itokio
Mba hatoninao anio ilay be Fahasoavana !

2. Izy dia nitady ela vao nahita anao izao,
Mifalia, tsy ho ela dia hody ianao.
He, ry ondry saiky very, ory, osa, feno fery,
Ny Mpamonjy manan-kery hahasitrana anao !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

FIZARANA 3 – PARTIE 3 : -

Teksta 3 – Texte 3 : Lioka (Luc) 13, 8-9 :

8 Fa ny mpamboatra namaly ka nanao taminy hoe : 'Tompoko, avelao ihany izy amin'ity taona ity mandra-pihadiko manodidina azy ka hasiako zezika : 9 angamba mbola hamoa izy, fa raha tsy izany, dia hokapainao ihany' ».

8 Le vigneron lui répondit : 'Seigneur, laisse-le encore cette année ! Je creuserai tout autour et j'y mettrai du fumier. 9 Peut-être, à l'avenir, donnera-t-il du fruit, sinon, tu le couperas'».

Toriteny 3 : « angamba mbola hamoa izy » (Lio. 13, 9a) – Prédication 3 : « Peut-être, à l'avenir, donnera-t-il du fruit » (Luc 13, 9a) :

**Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :
Hira (Cantique) 385, 1-2 : Ny Mpamonjy be fitia :**

1. Ny Mpamonjy be fitia
No miantso hoe : Avia
Ry mahantra, raiso izao,
Famonjena ho anao.
2. Hoy ny Tompo : Ry mpanota,
Manatona, fa ny ota
Voavela, anaka,
Afaka ny heloka.

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

FANDRAVONANA – CONCLUSION : -

Teksta – Texte : Galatiana (Galates) 5, 16 – 6, 6 :

16 Fa hoy izaho : « Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo. 17 Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo. 18 Fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo, dia tsy mba ambanin'ny lalàna.

16 Voici donc ce que je dis: marchez par l'Esprit et vous n'accomplirez pas les désirs de votre nature propre. 17 En effet, la nature humaine a des désirs contraires à ceux de l'Esprit, et l'Esprit a des désirs contraires à ceux de la nature humaine. Ils sont opposés entre eux, de sorte que vous ne pouvez pas faire ce que vous voudriez. 18 Cependant, si vous êtes conduits par l'Esprit, vous n'êtes pas sous la loi.

19 Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao : Fijangajangana, fahalotoana, fijefojejoana, 20 fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandania, fisarahana, fitokoana, 21 fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra.

19 Les oeuvres de la nature humaine sont évidentes: ce sont [l'adultère,] l'immoralité sexuelle, l'impureté, la débauche, 20 l'idolâtrie, la magie, les haines, les querelles, les jalousies, les colères, les rivalités, les divisions, les sectes, 21 l'envie, [les meurtres,] l'ivrognerie, les excès de table et les choses semblables. Je vous préviens, comme je l'ai déjà fait: ceux qui ont un tel comportement n'hériteront pas du royaume de Dieu.

22 Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, 23 fahalemam-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany.

22 Mais le fruit de l'Esprit, c'est l'amour, la joie, la paix, la patience, la bonté, la bienveillance, la foi, la douceur, la maîtrise de soi. 23 Contre de telles attitudes, il n'y a pas de loi.

24 Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazo fijaliana. 25 Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy. 26 Aoka isika tsy handrani-tena foana ka hifampihaika sy hifampialona.

24 Ceux qui appartiennent à [Jésus-]Christ ont crucifié leur nature propre avec ses passions et ses désirs. 25 Si nous vivons par l'Esprit, laissons-nous aussi conduire par l'Esprit. 26 Ne soyons pas vaniteux en nous provoquant les uns les autres, en nous portant envie les uns aux autres.

1 Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota tsy nahy aza [azo olan-tànana amin'izay fahadisoana aza], dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin'ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao hianao koa mba halaim-panahy ihany. 2

Mifampitondrà izay mavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy.

3 Fa raha misy manao ny tenany ho zavatra, kanjo tsinontsinona, dia mamitaka ny

tenany izy. 4 Fa aoka ny olona rehetra samy hizaha toetra ny asany avy, dia samy hanana hafaliana ny amin'ny tenany ihany izy, fa tsy ny amin'ny olon-kafa 5 fa samy hitondra ny entany avy ny olona rehetra.

1 Frères et soeurs, si un homme vient à être surpris en faute, vous qui êtes spirituels, redressez-le dans un esprit de douceur. Veille sur toi-même, de peur que toi aussi, tu ne sois tenté. 2 Portez les fardeaux les uns des autres et accomplissez ainsi la loi de Christ. 3 Si quelqu'un pense être quelque chose alors qu'il n'est rien, il se trompe lui-même. 4 Que chacun examine ses propres oeuvres, et alors il aura de quoi être fier par rapport à lui seul, et non par comparaison avec un autre, 5 car chacun portera sa propre responsabilité.

6 Aoka izay ampianarina ny Teny mba hahafoy zava-tsoa ho an'izay mampianatra. 7 Aza mety hofitahina ianareo : fa izay afafin'ny olona no hojinjainy.

6 Que celui à qui l'on enseigne la Parole donne une part de tous ses biens à celui qui l'enseigne. 7 Ne vous y trompez pas : on ne se moque pas de Dieu. Ce qu'un homme aura semé, il le récoltera aussi.

Hira (Cantique) 383, 1-2 : Ô, ry mpanota, aza mandà :

1. Ô, ry mpanota aza mandà,
Jeso miantso ka miova
Mba manatona Azy izao :
Izy hamonjy anao.

*Fiverenana : He, mivoha izao ny lanitra,
Ry mpirenireny lavitra
Indro Jesosy, Izy no ao :
Aiza no hisy anao ?*

2. Be ahiahy va ianao
No tsy mandroso faingana izao ?
Dia tapaho ny hevitrao,
Ka miova hatrizao.

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père

Hira (Chant) AMF

Tso-drano - Bénédiction : 2 Kor. (Cor.) 13, 14 :

Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo sy ny Fitiavan'Andriamanitra [Ray] ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina. Amen ! *Que la grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit soient avec vous tous. Amen !*

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendu à Dieu. Amen !*